Fahavitan-tena ara-tsakafo hono e
Mpitari-bato vilam-bava ny filoha Rajoelina 2

NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro
(Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Alakamisy 5 septambra 2019 Laharana 949 Vidiny : 400 Ar

Depiote Me Hanitra R. 3

Fahafahana miteny, esory ao anaty lalampanorenana rehefa tsy hajaina

www.gvalosoa.com
gvalosoa@yahoo.com
facebook : gazety valosoa rakoto

Filohan'ny FJKM sy FFKM 3

Hisy fiovana eto aorian'ny fandalavon'ny Papa

Fahatongavan'ny Papa François 2

Fahasoana ho an' Antananarivo sy i Madagasikara



« ENERGIES 2019 » 7

Norombahan'ny mpianatra malagasy ny loka voalohany

Foara rezionaly santabary tany Alaotra 6

Dingana goavana amin'ny fampiroboroboana ny fizahantany

Gerard Rakotonirina 3

Betsaka ireo mpanao gazety niakatra fampanoavana nandritra ny taona 2019

Ambodin'Isotry sy ny manodidina 5

Nentanin'ny CUA andray anjara amin'ny fanadiovana ireo toerana izay iasany isan'andro ireo mpivarotra sy ny mponina

Daka kely

Miovà amin'izay leity rehefa lasa i Papa a !

Tetikasa 930 6

Laharana maintso iantsoana ny BNGRC rehefa misy trangana loza

FAHATONGAVAN'NY PAPA FRANÇOIS

Fahasoana ho an'Antananarivo sy Madagasikara

Vonona amin'ny fandraisana ireo vahiny marobe hanatrika ny fotoandehibe rehatra ho tanterahana mandritra ny fivahinianan'ny Papa Ray masina ny kaominina Antananarivo renivohitra. Ankoatra ireo lamina izay napetraky ny komity mpikarakara sy ny avy amin' ny église katolika dia miantoka ny fandaminana ny tanàna eo amin'ny lafiny fanadiovana sy ny fandrindrana ny fivezivezena ary ny fampihatranona ireo vahiny ny kaominina. Nanome toromarika ho an'ireo ireo mpiaramiasa aminy ny Ben'ny tanàna Lalao Ravalomanana sy ny mpanolotsaina manokany Marc Ravalomana amin'ny fanatanterahana izany tao amin'ny lapan'ny tanana Analakely amin'ny maha ray amandreny azy ireo . Anjarantsika ny manome fitiavana sy fanetren-tena amin'ny fandraisana ireo vahiny marobe handray an'i Papa eto Antananarivo hoy ny ben'nytanana Lalao Ravalomanana . Ho tsaroan'izy ireo amin'izany fa ahazo fahasoavana izy ireo mandritra izany . Efa samy nanao izay anjarany sy izay vitany daholo na ny mpitondra fanjakana na ny kaomina amin'ny fiomanana amin'ny fandraisana ny Papa, na koa ny mpitondra teo aloha izay nanasa ny Papa Ray Masina ho avy aty Madagasikara hoy ny mpanolotsaina amokan'ny ben' ny tanana Marc Ravalomalomanana. Koa midika fiombonana izany ary iray ihany ny Malagasy na dia samy manana ny finoany aza. Manentana ny mponin'Antananarivo , renivohitr'i Madagasikara, amin' ny fahaizana mandray vahiny, na ny Papa Ray Masina izany na ireo Malagasy havantsika avy any amin'ny faritra. Ny fifanampiana sy ny fanentrentena no zava-dehibe hoy izy, ary fahasoavana daholo izany rehetra izany. Ankoatra izay, hiasa andro aman'alina ireo mpanadio eny anivon'ny boriborin-tany 6 eto Antananarivo renivohitra. Hampitobona ireo polisy monisipaly handrindra ny fifamoivozana hoy ny delegen'ny boriborintany voalohany Randriamamonjy Lanto nisolo tena ireo delegen'ny boriborintany 6 .

Helisoa

Fiainam-pirenena

Tsy miainga avy any amin'ny fitondrana foibe hatrany no mampiray fo ny vahoaka

Haresaka amin'ny lafiny finoana eto amin'ny firenena miditra amin'ny faran'ny herinandro izao. Efa iaraha-mahalala ny hahatongavan'ny filohan' ny fiangonana katolika, ny Papa François, izay efa mivonona tanteraka ho amin'izany ny tompon'andraikitra samihafa. Ankoatra izay, dia hanam-bahiny avy any ivelany ihany koa ny eo anivon'ny fiangonana Loterana Malagasy, izay fantatra fa delegasiona mafonja ihany koa no ho avy eto amintsika, ary haharitra andro vitsivitsy izy ireo amin'izany. Miray fo amin'ny fandraisana ny vahiny ary maneho ny fanajana azy ireo ny vahoaka Malagasy. Manavotra ny fitondrana, etsy ankilan'izany, ny fisian'ireo hetsi-piangonana ireo, fa hanampy azy hahavery dia ny vahoaka milona ao anaty fahantrana lalina. Tsy misy hetsika aza ikarohan-kevitra ny hamoronana izany mainka fa misy ny toy izao ho avy izao. Ny mampiray feo na hevitra ny vahoaka izany raha ny hita hatreto dia tsy miainga avy any fitondrana foibe fa avy amin'ny sokajin' olona ivelan'ny fanjakana. Mipetraka ho tantara tsy hay adinoina ny zava-bitan'ny ekipam-pirenena Barea teo amin'ny sehatry ny baolina kitra. Dia izay nihazakazaka nitondra anjara biriky ny fitondrana. Dia izao iaraha-mahita sy mandre tsara ihany koa izao amin'izao fotoana izao ny eo amin'ny sehatry ny finoana. Tsy ny fitondrana no nanainga izany fa avy amin'ireo no mampihetsika ny vahoaka hiray fo. Mila mieritreritra araka izany ny fitondrana. Misy lasa saina ihany ny mpandinika sy mpanarabaovao ny amin'ity fandraisanany Papa François ity. Tsy ny fandraisan'ny fiangonana katolika azy akory no handehanan'ny sain'izy ireo, fa ny momba ny fitondrana. Ny fitondrana Rajoelina vao nanao fianianana dia naneho mazava sy hentitra teny Mahamasina fa manaja fatratra ny laisity. Ny fanjakan'i Vatican dia tsy manasaraka izany, ary ambara fa manana kasikety roa ny Papa, dia sady filoham-piangonana katolika no filoham-panjakana. Dia eo no andrasana ny amin'izay ho fihetsiky ny fitondrana indrindra rehefa mandray ity olona miavaka maneran-tany ity eny amin'ny Lapam-panjakana Iavoloha.

Radafy

Onitra ho an'nygadrapôlitika

Miandry ireo niharam-boina

Ankoatry ny resaka fampihavanam-pirenena sy ny fitoniana ary ny momba ny fifidianana ben'ny tanàna etoMadagasikara, dia an'isan'ny andrasan'ireo niharam- boina teto Madagasikara hatramin'ny taona 2002 ny onitra tokony aloa amin'izy ireo. Marobe ireo efa natao fanadihadiana teny anivon' ny Cfm tao anatin' ny taona vitsivitsy, saingy tsy mbola misy vokany hatreto. Nambaran'ny filohan'ny Cfm, Maka Alphonse fa tsy tafiditra ao anaty tetibolam-panjakana ity resaka onitra ho an'ny gadra politika ity . Ankoatry ny fahavoazana ara-pitaovana mantsy, dia ny fahavoazana ara-môraly no mavesatra ho azy ireo satria nisy fiantraikany amin'ny fiananka-viana izany. Andrasana arak'izany izay ho fandraisan'andraikitry ny fitondram-panjakana momba ireto gadra pôlitika ireto satria ela loatra izay niandrasan'izy ireo izay .

Ny valosoa

Ny Valosoa sy fakafaka

Fahavitan-tena ara-tsakafo hono e

Mpitari-bato vilam-bava ny filoha Rajoelina

Fahavitan-tena ara-tsakafo, izany indray no noventesin'Ingahy filoha Andry Rajoelina tamin'ny fandalovany tany Japana farany teo, ireo mpanao ny seraserany moa dia sahy nilaza fa sambany hono vao nisy filoha sahy nanao fanamby an'izany.

Asa na inona ny azy ireny no mijery na very tadimpoitra, ka tsy mahatsiaro, fa ny Filoha Ratsiraka no namoaka voalohany io resaka io nilaza fa izay firenena afaka mamelona ny mponina ao aminy ary manana ambim-bava aondrana any ivelany no firenena matanjaka hoy izy tamin'ny taona 2000. Ary tamin'ny Repoblika voalohany dia efa nisy ny politikan'ny kibo.

Fa tamin'ny Fitondran'ny Filoha Ravalomanana no nisongadina ny ezaka momba ny fahavitan-tena ara-tsakafo. Maro ny fepetra noraisina nampahombiazana izany, toy ny fanampiana ny tantsaha tamin'ny alalan'ny PSDR izay namatsy ny tantsaha ara-bola sy ara-pitaovana: toy ny zezika sy masomboly, nisy ny fandraisan'andraikitra nataon'ny fanjakana tamin'ny fividianana ny vokatry ny tantsaha tamin'ny vidiny ara-dalàna, izay nahafay ireo mpijirika mpanararaotra ny tantsaha ary tsy azo adinoina ny fanamboaran-dalana nataon'ny fitondrana izay nanamora ny fivezivezen'ny vokatra ary ny tena zava-dehibe dia ilay "vitrine" lehibe izay nanentanana ny tantsaha havitrika , ary nisy koa ny fandaminana hentitra momba ny resaka fananantany nitsinjovana ireo tantsaha, fiaraha-miasa tamin'ny Amerikana tamin'ny MCA: Millenium Challenge Account.

Fa ny fitondrana ankehitriny dia mapme be araka ny fitenin-jatovo, satria ny vahoaka anie mahatadidy ny fitaka nambara teny amin'ny 13 Mey tamin'ny 2009, mikasika ny vidimbary sy ny menaka, ny famonoambalala izay nataon'ny fitondrana Ravalomanana ho laharampahamehana dia nataon'ny fitondrana tetezamita alasafay, gaboraraka ihany koa ny fanomezana tany hoan'ny vahiny tamin'izany tetezamitandRajoelina izany, ny fanamboarandalana vaovao tsy nisy, ny efa vita tsy nisy fikojakojana nataon'ireo mpanongam-panjakana ireo.

Fa ny mahatsikaiky ireo mpitondra ankehitriny, miomana haka ny velarantany tokony ho volen'ny tantsaha hanaovana izany tetikasa Tanamasoandro izany , fihetsika mifanipaka amin'ny resaka fahavitan-tena ara-tsakafo izany, ny ONN na ny Ofisimpirenena momba ny fanjariantsakafo dia fantatra ankehitriny fa nihena, very sasaka ny tetibolany, ka fampandehanan-draharaha sisa no misy ao, fa tsy misy fiakarakarana tetikasa intsony.

Ny fehin'izay rehetra voalaza izay dia bala rora daholo no nambaran-dRajoelina tany Japana momba ilay fahavitan-tena ara-tsakafo, fa mpitari-bato vilam-bava ity filoha ankehitriny ity, hafa no tondroin'ny tanany, hafa no tondroin'ny vavany.

Ny Valosoa

PRIERE AU SACRE CŒUR

Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue.

Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.

Harijao R.

Ny Valosoa sy hadihady

Fahatongavan'i Papa eto Madagasikara
Mba hiova anie ny fiainan'ny Malagasy

Efa somebiseby amin'ny fiandrasana ny fahatongavan'ny Papa Ray masina Francois ny zoma izao eto Madagasikara ny vahoaka Malagasy, izay tsy hanavahana finoana. Maro no mametraka ny fanantenany amin'izao fitsidihany eto amintsika izao ny mba hiovan'ny fiainana eto amin' ny firenena. Zavadehibe mantsy izao fahatongavan'i Papa izao, tsy maintsy hisy ny hafatra ataony miantefa amin'ny vahoaka Malagasy iray manontolo sy ny mpitondra fanjakàna . Ka mba tena hanjaka eto amintsika amin'izay ny fandriampahalemana, ho foana ny valifaty politika. Raha ny hita teto Madagasikara mantsy nandritra ny 9 volana nipetrahan'ny fitondràna Andry Rajoelina dia miha-maizina ny tany aman-danitra eto amin'ny 'i Madagasikara . Ilay fampanantenana nipoapoaka tamin'ny fampielezan-kevitra toa very anjavony lasa miova zavatra hafa tsy noresahina mihintsy tamin'izany fotoana . Ny zavatra neken'ny vava manoloana ny vahoaka ; nolavina rehefa tonga teo amin'ny fitondràna . Ny tena mahazo faka ankehitriny dia ny fampanofisana ny vahoaka ; toa ohatra ny manao fampielezan-kevitra indray ny filohampirenena sy ny manodidina azy . Ny fanagadràna sy fanenjehana ireo olona tsy mitovy hevitra amin'ny mpitondra lasa mahazo faka tanteraka . Vao tsy ela akory fa ny faran'ny herinandro teo no nidina sy natao fanadiadiana tao amin'ny polisy momba ny cybercrimalité ny mpanao gazety sy ny talen'ny kianja Mahamasina, ka niakatra fampanoavana ny alatsinainy lasa teo. Nahazo fahafahana vonjimaika moa izy ireo , saingy mbola hiatrika fitsaràna ny 16 septambra ho avy izao . Ny vahoaka Malagasy maro an'isa amin'izao fotoana izao dia miaina ao anaty tebiteby amin'ny tsy fandriampahalemana andro aman'alina. Miaina izany avokoa na eto antanàn-dehibe na ny any ambanivohitra rehetra any . Fa ny tena olana goavana dia ao anaty fahantrana lalina mangitsokitsoka ny tokantrano Malagasy . Ilaina vahaolana maika izany satria tena efa mby an-koditra tsy ahitàna vahaolana intsony . Vokatr'izany , maro ny Malagasy no mametraka ny fanantenany amin'ny hafatra hapetraky Papa Francois ho an'ny Malagasy, ka mba hihaino izay hambarany ny rehetra indrindra ny mpitondra mba hiadam-pinaritra avokoa ny Malagasy 25 TAPITRISA. Tsy tokony hisy ny fihatsarambelatsihy , ka na tsy mitovy hevitra aza FA MISY NY MPITONDRA SY NY MPANOHITRA dia firenena hanaraka ny demokrasia no hisy eto. Ny mpitondra hanaiky ny tsikera hitondràny tsara ny firenena , ny mpanohitra kosa hanolo-kevitra ny mpitondra amin'ny zavatra heverina tsy mety ataony , ka ao anatin'ny rafitra ara-dalàna voalazan'ny lalàmpanorenana no hanaovana izany. Matiantoka isika Malagasy raha ao anatin'ny fahatogavan'i Papa fotsiny no mody miray hina , nefa raha vao lasa izy dia vao mainka mihamafy ny fanenjehan'ny mpitondra ny mpanohitra . Raha sanatria izany no mitranga eto dia tsy hisy zavatra vanona eto Madagasikara , indrindra efa ho avy ny fifidianana ben'ny tanàna sy mpanolotsaina .

Helisoa

FILOHAN'NY FJKM SY FFKM

Hisy fiovana eto aorian'ny fandalavon'ny Papa

Naneho fanehoan-kevitra momba ny fahatongavan' ny Papa ray Masina eto amintsika ny filohan'ny fiangonana FJKM sady filohan'ny FFKM, ny mpitandrina Irako Andriamahazosoa Ami. Nambarany fa hisy ny fiovana eto amintsika ao aorian'ny fandalovan'ny Papa. Zavatra telo loha no ifantohan'izao fitsidihana izao hoy izy dia ho an'ny vahoaka Malagasy, ny fampitomboana ny finoana ho an'ny Malagasy rehetra ary izay ho fiovana eto amin'ny firenena izay ao aorian'ny fandalovany. Ankoatra izany, mifanandrify amin'izao fandalovan'ny Papa izao, ho tonga eto koa ny zoma izao ny filohan'ny fiangonana Loterana manerantany. Ifantohan'ny fitsidihany eto amintsika ny fifanatonana amin'ny fiangonana Pentekôtista. Tsy ho an'ny katolika irery fotsiny tokoa ny hahatongavan' ny Papa ray Masina eto fa ho an'ny Malagasy rehetra tsy ankanavaka.

Isambilo

Gerard Rakotonirina

Betsaka ireo mpanao gazety niakatra fampanoavana nandritra ny taona 2019

Nifamotoana tetsy amin' ny Sampandraharahan'ny Polisim-pirenena misahana ny ady heloka etsy Anosy ny Mpanao Gazety ny alatsinainy teo. Ny fanehoana firaisan-kina eo amin'ny samy Mpanao Gazety manoloana ny fitoriana nataon'ny fitondram-panjakana tamin'ny alalan'ny Ministeran'ny Foloalin-dahy ny herinandro lasa teo, mikasika ny famoahan'ny Tambanzotran-tserasera iray vaovao manodidina ny fipetrahan'ny Angidimby tetsy amin'ny Kianjan'i Mahamasina. Naneho ny heviny i Gerard Rakotonirina amin'ny maha olom-pirenena, sym aha-filohan'ny holafitry ny mpanao gazety azy fa tokony hanao fanitsiana (dementi) na famaliana ny olona voakasiky ny vaovao tsy marina alohan'ny handefasana ny raharaha eny amin'ny Mpitandro Filaminana sy ny fitsarana. Nanohy nanazava ity farany fa olona tsy afaka mandositra ny Mpanao Gazety voakasika ny fanadihadiana, ka tokony ho nalefan'ny Tompon'andraikitry ny Filaminana nody tany antokan-tranony izy ireo niandry ny fampiantsoana azy amin'ny manaraka, fa tsy tokony notazonina tao amin'ny Biraon'ny Division de Cyber Criminalité nandritra ny 48 ora ny mpanao gazetin'ny 24h Mada sy ny talen'ny CUA. Nilaza ny Filohan'ny OJM (Ordre des Journalistes à Madagascar) fa fanehoan-kevitra amin'ny maha olom-pirenena azy hatrany, fa tsy rariny ny fanatanterahana ny famotorana ny Mpanao Gazety ataon'ny Polisim-pirenena amin'ny andro alahady, raha tsy hoe tena hamehana tokoa izany. Namarana ny fanehoan-keviny i Gerard Rakotonirina fa tamin'ity taona 2019 ity no nahitana Mpanao gazety betsaka niakatra fampanoavana raha nampitahaina tamin'ny taona lasa. Raha izao no fandehany dia voatohintohina ny fahalalahan'ny asa fanaovan-gazety eto Madagasikara.

Ny filohan'ny OJM, Gerard Rakotonirina.

Franck Razakambelo

Depiote Me Hanitra R.

Fahafahana miteny, esory ao anaty lalampanorenana rehefa tsy hajaina

Mbola mitana ny sain'ny rehetra ny nitazonana ny mpanao gazety teny amin'ny sampandraharaha ny cybecriminalité teny Anosy, maneho ny heviny mahakasika izany ny solombavambahokan'i Madagasikara voafidy tao amin'ny boriboritany fvoalohany Me Hanitra Razafimanantsoa . Niady ary mbola miady ny hisian' ny demokrasia isika hoy izy , ka anisan'izany ny fanajana ny zon' ny isam-batan'olona sy ny fahalalahana fototra na ny droits individuels et libertés fondamentaux, izay arovan' ny lalampanorenana. Andininy faha- 7. Liberté d'expression, Liberté d' 'information, Liberté d' opinion... LIBERTÉS FONDAMENTALES IREO. Dia esory anaty lalampanorenana ireo rehefa tsy hajaina. Sa tsy tokony hanao ny asany intsony ny mpanao gazety manelingelina anareo? Hoy izy.

Helisoa

TONONKALO

MBA METEZA RE HIOVA

Mihamazava ankehitriny ny laharam-pahamehana
Sy ny zavatra imasoan'ny ao anaty fitondrana,
Izay tsy inona tsy akory fa ny fomba handentehana
Ireo heveriny ho mpanohitra sy mpitaky fanovana.

Izay miseho mba manakiana dia indreo ampanantsoina
Sy ampangaina fa manely zavatra tsy marim-pototra
Ireo mitonona ho mpanohitra dia hazaina sy fofoina.
(Ny dahalo anefa maro no afahana sy avotsotra !)

Moa tsy izany no porofo f'ao anaty fitondrana,
Tena misy ny dahalo , saingy tsy mivimbin-tsabatra ?
Moa tsy ireny no dahalo tsara alefa am-pigadrana
Fa dahalo tena mihaja ery ambonin'ny latabatra ?

... Eny ho avy ny vahiny koa mahaiza re mamindra
Ry mpitondra izay mikendry ny hanatsaratsara endrika.
Aza dia ny toetra ratsy no haseho sy hahindrahindra,
Fa meteza re hiova raha te ho mpitondra mendrika .

DADAN'i ZINA (04-09-19)

An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa

Ny fampiofanana ireo ekipan'ny ELS - GRCN tao amin'ny boriboritany voalohany, kaominina Antananarivo Renivohitra.

Sakafo Ny Valosoa

Totonkena sy tsaramaso mena indray no laoka eto amin'ny Sakafo androany. Azo atao rony izany, azo atao ketsaketsa ihany koa. Tsara raha hasiana lasary voatabia miaraka aminy. Dia mazotoa homana tompoko.

NY VALOSOA sy Mahasoa

Serviette vita amin'ny cotton

Afaka mitsabo lamosina marary serviette matevina vita amin'ny cotton (na lamba soie matevina). Ahorongorona dia apetraka eo ambonin'ny soroka, ambany kelin'ny volo ao amin'ny hatoka. Entina matory mihintsy izany hoe mandritra . ny ampitso dia ho hitanao fa sady afaka ny havizanana no tsy hisy intsony ny manaintaina any amin'ny lamosina.

NY VALOSOA sy Mahavariana

Ny tanànan'Ankilimalinike any amin'ny distrikan'i Toliara II faritra Atsimo Andrefana

Mbola any amin'ny distrikan'i Toliara faha-2 faritra Atsimo Andrefana ihany, no Mahavariana eto amin'ny gazetinao androany dia ny tanànan'Ankilimalinike. Kaominina an-drenivohitra ity tanàna ity. Iva toerana ihany izy satria 34 m ny haavony miohatra amin'ny ranomasina. Lalovan'ny reniranon'i Manombo ity tanàna ity. Ny dikan'ny Ankilimalinike dia kily madinika na hazo voamadilo madinika. Vokatra any ny mangahazo na balahazo, sy ny hasy na ny landihazo.

Hazo kily any Ankilimalinike.

NY TENY FIAINANA

I Korintiana 2:6

Anefa milaza fahendrena amin'ny efa matanjaka izahay, fa tsy ny fahendren'izao tontolo izao, na ny an'ny mpanapaka izao tontolo izao, izay olona mihalevona.

facebook NY VALOSOA VAOVAO

Zavadehibe ho an'ny vahoaka Malagasy ny fahatongavan'i Papa Francois eto Madagasikara

Arp Helisoa : Zavadehibe ho an'ny vahoaka Malagasy ny fahatongavan'i Papa Francois eto Madagasikara ary indrindra ho an'ny kaominina Antananarivo renivohitra izay mandray mivantana azy . Manoloana izany nisy ny hafatra nataon'ny ben'ny tanana Lalao Ravalomanana sy ny mpanolotsaina manokan'ny ben'ny tanana Marc Ravalo- manana amin'ny maha ray amandreny azy mikasika ny fandraisana ireo vahoaka marobe ho tonga eto Antananarivo

Noeline Randrianasolo : Manasitrana tompoko

Harry's Vouny Harry'svouny : MANKASITRAKA INDINDRA TOMPOKo

Jacques Hatila : Mankasitraka Tompoko

Maman'iEliora s'Elior : mamkasitraka

Ramana Mami : Toa tsy henoheno indray ilay fanenjehina an i RAVALO Mianakavy MBA hajanona Kely aloha fa miariary bé loatra @ izao fahatongavany PAPa Raimasina izao . olon i Fandriampahalemana raha teo Ka tsy hamenatra MBA asiana fihatsaram Bélanger tsihy Kely lazaina hoe mirahina n'y Malagasy fa vao lasa EO ianao velona indray n'y fanenjehina tsy marina izany et IRD Mapar TGV

Dede Mamy : Mankasitraka anareo fa mitana ny toerana maha ray amandreny ianareo

Toutou Mie : Mankasitraka

1Rina Randriamanana : ALEFA DADA

Michoula Harim : Mankasitraka

Rams Naka : Merci

Vony Couturier Mikaly Hajaina : NY vahiny oooo!

Sakrim Soaman : Ny olom-banona mamita ny tokony hataony,ary tsy mialangalana.MANKASITRAKA.

Ramahefasolo Antoine : Normal be zany Mankasitraka e !

Marie Bernadette Raharisoa : OK dada sy neny

1

Cafidoque Rakotomanana : Mercii pour dada sy mama

Olivie Rktmg : Mankasitraka anareo .

Boutsah Haharison : Fa Rajoelina nefa mandray azy amny fomba tsara indrindra kianinareo

Andriamasinoro Eliezera Boutsah : Haharison oooo, aiza zany?

Arp Helisoa : INONA ARY LAZAO IZANY LAZAINAO FA FANAFIANANA AZY IZANY ? zahay tsy mb amanao bontolo izany

Jacqueline Rasoarimalala : Mankasitraka

Smith Geneviève : Amin'ny maha katolika ahy dia misaotra betsaka DADA Ravalomanana noho ny fahendrenao..

Smith Geneviève : Matoky koa aho fa ho isan'ny candidat ho fidinay eto an-drenivohitry Madagasikara ianao-DADARavalomanana

Rateloson Carlos Santos : Oweee! Dada toujour

Jacky Tsito Ismael MARINA ZANY E,

AUE SY NY BORIBORITANY FAHA-4 (CUA)

Nandrindra sy nanatsara ny fiaraha-miasa ho fikojakojana ny fitantanana ny rano sy ny fanasan-damba

Ny talata teo dia nampivory ny AUE (Association des Usagées de l'eau) miisa 184, izay mitantana fotodrafitr'asa : toy ny paompin-drano sy ny toerana fanasan-damba ny teo anivon'ny boriboritany fahaefatra, Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA), izany dia notarihan'ny lefitra faharoan'ny Delegen'ny Boriboritany Andry Razafindrakoto. Ny tanjona tamin'izany dia ny fanolorana ny paik'ady hoentina handrindrana sy hanatsarana ny fomba fikojakojana ny fotodrafitr'asa toy ny : fanamafisana sy ny fanaovana ny tatitra ara-bolan'ny fikambanana , ny fe-potoana anaterana ny tatitra eny anivon'ny boriboritany dia ny 1 hatramin'ny faha-10 ny volana , ny fanokafana kaonty OTIV, izay hametrahana ireo ambim-bola

Ny fivoriana natao tao amin'ny Boriboritany faha-4.

sisa, ary ny fangalana fankatoavana eny anivon' ny boriboritany ireo famoaham-bola izay mihoatra ny 100 000 Ar, sy ny fanamafisana ny taratasy fanamarinana ara-dalàna ny fampiasana ny vola rehetra.

Marihana fa fivoriambe faran'ny Boriboritany sy ny Mpitantana fotodrafitr'asa tamin'ity taona 2019 ity izao natao izao, ary tapaka tamin'izany ihany koa ny hanatanterahan'ny roa tonta fitsangatsanganana izay fanao isan'taona, ka ny 4 oktobra ho avy izao no hanaovana izany.

Aly

Boriboritany voalohany

Nomena fiofanana ireo ekipan'ny « ELS – GRC" ho fiatrehana ny rivo-doza

Nomena fampiofanana manokana ireo ELS – GRC na ny "Equipe Local de Sécurité de la Gestion des Risques et Catastrophes » manerana ny fokontany 44 izay mandrafitra ny Boriboritany Voalohany ny andron'ny Alarobia 4 Septambra 2019 ho fiomanana sahady ny fiatrehana ny fahavaratra sy ny rivo-doza. Araka ny nambaran'ny Colonel ANDRIANAIVO Jaona izay tompon'andraikitra eo anivon'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra dia efa fanaon'ity sampan-draharaha iray ity ny manome fampiofanana ireo ELS manerana ny Fokontany eto an-dRenivohitra mba hahafahan'ireto farany manatanteraka ny asany an-tsakany sy an-davany eny anivon'ny fokontany rehefa tonga ny loza.

Maro ny andraikitra sahanin'ny ekipan'ny ELS eny anivon' ny fokontany toy ny fandaminana amin'ny vonjy voina, ny fampandrenesana sy fanairana ny mponina amin'ny fiavian'ny rivo-doza eo ihany koa ny fahamailona, ny fiambenana sy ny fampahafantarana ireo mponina amin'izay rehetra tokony hatao sy ny fepetra rehetra tokony ho raisiny rehefa tonga ny loza.

Ankoatra izay dia nilaza ihany koa ity tompon'andraikitra avy eo anivon'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra ity fa ao anatin'ny vanim-potoana fiomanana amin'izany fiavian'ny fahavaratra sy rivo-doza tanteraka izany ny ekipan'ny Kaominina amin'izao fotoana izao, izay efa nanomboka tamin'ny volana martsa ka hitohy hatramin'ny volana Oktobra. Ankoatra ny fampiofanana dia efa nisy ihany koa ny fandaminana amin'ny ankapobeny izay efa nataon'izy ireo toy ny fitsirihina sy ny fanadiovana ireo fotodrafitr'asa toy ny lakan-drano sy ireo tatatra ho fisorohana ny fiakaran'ny rano eny amin' ny faritra iva.

Mbola hitohy eny anivon' ireo boriboritany hafa izany fampiofanana izany.

Helisoa

Ambodin'Isotry sy ny manodidina

Nentanin'ny CUA andray anjara amin'ny fanadiovana ireo toerana izay iasany isan'andro ireo mpivarotra sy ny mponina

Samy tompon'andraikitra avokoa ny tsirairay amin' ny fanadiovana ny tanàna ary tsy mitsahatra ny manentana ireo mponina amin'izany ny tompon'andraikitra avy eo anivon'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA), amin' ny fampandraisana anjara ny tsirairay. Toy ny efa fanaon'ireo tompon'andraikitry ny tsena manerana ny Boriboritany 6 isambolana dia niara-nisalahy avokoa ireo mpisehatra eo anivon'ny tsena, ny mpivarotra, ny mpanadio avy eo anivon'ny Boriboritany Voalohany, ny mponina manodidina ary ny ekipan'ny mpamonjy voina ny andron'ny talata teo, tamin'ny fanadiovana ny tsenan' Ambodin'Isotry sy ny manodidina. Ankoatra ny maha asa fanadiovana ity asa natao ity dia anisan'ny fotoana fanentanana, fanehoana ary efa fanazarana sahady ny mponina izao mba hahalala handray ny andraikitra tandrify azy amin'ny fanadiovana ny tanàna.

Araka ny nambaran'Andriamatoa RANAIVOSON Hajatiana José, lehiben' ny tsenan'Ambodin'Isotry dia efa mora ny manentana ny mpivarotra ary efa mora ihany koa ny miaramiasa amin'izy ireo amin' izao, ka izay indrindra no maha-maro ireo mponina sy mpivarotra amin'ny fanadiovana toy izao.

Fanadiovana goavana no natao teny an-toerana satria ankoatra ny famafana ny arabe dia nisy ihany koa ny fandrarahana ranom-panafody, famonoana bibikely sy otrikaretina ireo toerana rehetra izay efa voadio sy efa voasasa tamin'ny rano, nataon'ireo mpamonjy voina. Tsy hadino ny nanadio ireo lakan-drano sy ireo tatatra teny an-toerana.

Isambilo

FAHASALAMANA

Manamora ny famongorana ny aretina kitrotro ny fifehezana an'ireo antontanisa

Ny famaranana ny valin'ny fanadihadiana mikasika ny aretina kitrotro tetsy amin'ny Hotel Carlton.

Ny fahafantarana amin'ny antsipirihany an'ireo antontanisa mikasika ny fivoaran'ny aretina Kitrotro eto Madagasikara no manampy betsaka amin' ny fametrahana paik'ady ahafahana miady sy mamongotra ny aretina. Ankoatra ny fanaovana ny Vaksiny faobe matetika "Vaccin de routine", nanatanteraka hetsika fanadihadiana lalina mikasika ny aretina kitrotro"enquête ponctuele" eny anivon' ny tokantrano Malagasy ireo ekipan'ny Tompon' andraikitrin'ny Fahasalamana, miara-miasa amin' ny Fikambanambe Maneran-tany misahana ny Fahasalamana (O.M.S), nanomboka ny volana Mey 2019 ka hatramin'ny volana Aogositra 2019 lasa teo. Nilaza Andriamatoa Romalahy Isaora Tale Jeneralin'ny I.N.S.T.A.T (Sampandraharaha misahana ny antontanisa) fa olona miisa 120 no niara-nientana tamin'ny fanatanterahana an'ity fanadihadiana ity niaraka tamin'ny teknsianina miisa 20 avy amin'ireo Fikambanana iraisam-pirenena misahana ny Fahasalamana. Nanohy nanazava ity Tompon'andraikitra eny anivon'ny I.N.S.T.A.T ity fa ny famolavolana paik' ady ahafahana mamoaka ny anton'tanisa no sahanin'ny Sampan-draharaha misahana ny antontanisa izay nanangona ny vokatra rehetra aty amin' ny Foibe. Ny valin'ny fanadihadiana no manampy betsaka ho an'ny Mpisehatra amin'ny ady atao amin'ny aretina kitrotro. Efa mananika ny 7 tapitrisa ny zaza efa vita vaksiny fanefitra amin'ny aretina kitrotro eto Madagasikara. Zaza enim-bolana ka hatramin'ny 9 taona no voakasik'izany vaksiny izany. Nanazava ny tompon'andrikitrin'ny Fahasalamana iray fa mety mbola misy zaza mbola tsy nahavita vaksiny any amin'ireo toerana izay tena lavitra andriana, ka tokony hifantohan'ny ezaka mba hahafahana mitazona ny vokatra tsara efa azo amin'ny ady atao amin'ny aretina kitrotro.

Franck Razakambelo.

Tetikasa 930

Laharana maintso iantsoana ny BNGRC rehefa misy trangana loza

Tetik'asa Système d'alerte precoce numerique 930 mba ahafahana misoroka ny loza eto Madagasikara.

Tetik'asa nomerika « Hot line 930 » na laharana maintso ampiasain'ny olona eny ifotony miantso sy mampahafantatra ny trangana loza, na ny tandindon-doza any amin'ny Bngrc, mba hahafahan'ity farany manome toro-marika manoloana ny zavamisy ary mandray fepetra mifandraika amin'izany. Tetik'asa iandreketan'ny Bngrc miara- miasa amin' ny fikambanana Medair tohanan'ny Vondrona Eropeanina, ka vola mitentina 13 milliards Ariary no natokana hanatanterahina izany. Olona miisa 36000 any amin'ny Distrikan'Ambanja Faritra Diana no hisitraka ny tetik'asa andrana « Hot line 930 » andiany voalohany, izay nanomboka ny taona 2019, ka hatramin'ny 2021. Ny fampiofanana an'ireo tompon'andraiki-panjakana eny anivon'ny Kaominina sy ny Fokontany miaraka amin'ny Komity, izay efa voafantina amin'izany no miara-miasa amin'ny Bngrc amin'ny fitaizana ny fiaraha- monina sy fanarahana ny toro-marika rehetra amin'ny fiatrehana sy ny fisorohana ny loza. Ny tanjona dia ny fampihenana ny isan'ny olona maty sy ny fahavoazana ara- materialy vokatry ny trangana loza voajanahary. Ny faritra Diana dia marefo amin'ny fandalovan'ny Rivo-doza ary efa mitentina 2,3 Milliards Dollar ny teti-bidin'ny fahavoazana nahazo an'i Madagasikara, vokatry ny Loza voajanahary nanomboka ny taona 1990, ka hatramin'ny 2013 hoy ny tatitra avy amin'ny Banky iraisam-pirenena.

Franck Razakambelo

Foara rezionaly santabary tany Alaotra

Dingana goavana amin'ny fampiroboroboana ny fizahantany

Hetsika maro samihafa no nentina nanatanteraka ny foara rezionaly santabary andiany faharoa tany Alaotra, toy ny fifaninanana mahandro sakafo, fifaninanana hazakazaka moto, loa-bary andasy niarahana amin' ireo sehatra maro samihafa tao andrenivohitry ny faritra Alaotra Mangoro. 5 andro no naharetan'ny hetsika, ny 28 ka hatramin'ny 01 septambra 2019. Betsaka tokoa ireo toerana izay mahasarika mpizahatany any Antsihanaka, ka fotoana io hetsika io nanasongadinana izany ho fantatry ny be sy ny maro. Ao ireo asa tanana vita amin'ny rary, ny varotra fampisehoana. Tonga nanatrika ny fotoana ireo distrika rehetra mandrakotra ny faritra Alaotra Mangoro (Ambatondrazaka, Anosibe An'ala, Amparafaravola, Andilamena ary Moramanga) Tao anatin'izany no nampiranty ireo asa sikotra vita amin'ny hazo sarobidy ny mpanao asa tanana avy any Moramanga. Nampiseho ny taovolo mampiavaka azy kosa ny avy any Andilamena. Ny dihy nentimpaharazana moa dia samy nampiseho ny nampiavaka azy ny tsirairay.. Nofaranana tamin'ny alimpandihizana ny alin'ny 31 aogositra 2019 sy fampisehoana goavana ny 01 septambra 2019 ny lanonana, izay niarahana tamin'ny tarika Lianah, Elidiot ary Mr Sayda. Izao hetsika izao moa no tontosa dia teo ny ORTALMA na ny Ofisimparitry ny Fizahantany Alaotra Mangoro, nitoto nahafotsy sy nahandro nahamasaka ny zava-drehetra niaraka tamin'ireo mpiara- miombon'antoka maro nanampy azy ireo. Koa fisaorana no atolotry ny Filohan'ny filankevim-pitantanana Andriamatoa RAKOTOJOELIMARIA Andriantenaina sy ny Tale mpanatateraka Andriamatoa RAMANDRAIARIVONY Rija Jean Thierry ireo rehetra na ny teo akaiky na ny avy lavitra nanampy azy ireo tamin'izany hetsika izany.

Helisoa

Taxi-brousse avy any amin'ny faritany

Misy tsy manaja lalàna sahady

Efa manomboka miditra ny renivohitra ankehitriny ireo fiara mpitatitra avy any amin'ny faritany hiatrika ny sorona masina iarahana amin'ny papa François ho avy etoMadagasikara ny Zoma ho avy izao. Efa seriny avokoa na ny fitondram-panjakana amin'ny alàlan'ny mpitandro filaminana, na ny avy amin'ireo tompon' andraikitra samihafa isan-tokony, na ny fiankaviamben'ny finoana katolika eto Madagasikara. Raha tokony ho amin'ny alina mantsy no mahazo miditra ny renivohitra ireo fiara avy any amin'ny faritany, dia miditra amin'ny andro atoandro izy ireo ka manampy trotrakany fitohanan'ny fiara lavareny eto amintsika ankehitriny. Manginy fotsiny ny fanamboaran-dàlana etsy sy eroa. Efa misy fiara mpitatitra ihany koa milaza ny hampakatra saran-dàlana amin'io telo andro io satria an'hetsiny ireo mpizaika avy any amin'ny faritany no ho avy eto Antananarivo. Hentitra nefa ny eo anivon'ny Att fa handraisana fepetra ireo mampakatra saran-dàlana mandritry ny fiakaran'ireo mpizaika eto Antananarivo.

Ny valosoa

Famontosana filazantsara ny nosy Madagasikara

Mitohy ny fihaonana sy fiofanana samihafa

Ao anatin'ny famontosana filazantsara ny nosy Madagasikara izay vinan'ny Fjkm, dia mitohy ny fiofanana sy fihaonana amin'ireo sehatra samihafa sy sampan eo anivon'ny Fjkm. Ny katekista sy mpitoriteny avy amin'ny synodam-paritany Antananarivo andrefana ohatra dia manatanteraka izany any Tsiroanomandidy hatramin'ny omaly. Ny mpitoriteny avy amin' ny synodam-paritany Vonizongo Vavolombelona sy Mananara Firaisana ary Iarivo avaradrano kosa dia eny amin' ny Fjkm Manjakaray no manatanteraka izany omaly sy anio. Aorian'ny fihaonana sy fiofanana dia misy hatrany ny tanjona sy ny fanamafisana ny asa fitoriana ny filazantsara isaky ny faritra tsirairay avy.Ny foibe Fjkm no mitarika ny fihaonana sy fampiofanana amin'izany.

Rajo

Taratasin'ny mpamaky

FIFAMPITOKISAN'NY MPITONDRA SY NY VAHOAKA.

Anisan'ny antony LEHIBE maha-marin-toerana ny fitondrana iray ny fifampitokisana eo amin'ny Mpitondra sy ny Vahoaka entiny. Manaiky tsy misy fepetra izay lazaina sy ampanaovina ny vahoaka rehefa mifampatoky ny roa tonta. Na maro an'isa toy inona aza anefa ny ao amin'ny Antenimierampirenena dia ho sahirana hatrany mpitondra rehefa ny vahoaka no tsy matoky intsony. Mifanaraka tsara ve ny zavatra lazaina sy ny zavatra atao ? Ohatra iray ihany no omeko antsika. Inona moa ny dikan'ilay famantarana V ataon'ny filohantsika ombieny ombieny ? Filaminana (Paix) no dikany. Tena tsara io fa izany tokoa ve no zava-misy sy ny zavatra ataony ? Mifanaraka amin'izany ve ny fihetsika rehetra ? Enga anie

Herimampionona

NY VALOSOA VAOVAO
Dokam-barotra
Tél. 034 79 076 00

Mpiandry raharaha

PHARMACIE DE GARDE 31/08/19 hatramin'ny 07/09/19

- **VOLAHANTA** (Anosibe près du rond point vers Soanierana) 020 22 355 09/034 24 334 86/033 86 194 15
- **IARIVO** (Analakely en face Institut d'hygiène sociale) 020 22 224 26/020 22 699 19/034 16 326 06
- **AMBANIDIA** (Ambanidia) 020 22 255 50
- **MAHAVOKY** (Mahavoky Andravoahangy) 020 22 255 51
- **67HA** (face Eglise Luthérienne) 020 22 253 61

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama: Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange : 032 32 3547

Pompiers : Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police : Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

Gazetim-baovao miseho intelo
isan-kerinandro
Vidiny: 300 Ar
Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo

TALEN'NY FAMOAHANA :
Rahelisoa A.
034 79 07600

MPANAO GAZETY

Politika:
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

Toe-karena :
Aly : 033 18 382 88

Kolontsaina:
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

Fanatanjahantena:
Lita: 033 41 557 69

Mailaka:
gvalosoa@yahoo.com
NATONTAN'NY MATEX Imprimerie

Fametrahana 949-09-19
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

« ENERGIES 2019 »

Norombahan'ny mpianatra malagasy ny loka voalohany

Voaporofo indray teto amin'ny « Energies 2019 », izay fifaninanana mikasika ny tetikasa momba ny angovo aty amin'ny ranomasina indianina, fa mahay ny tanora Malagasy. Nisongadina ary nibata ny loka voalohany ny mpianatry ny lycée Andrianampoinimerina Sabotsy Namehana – Antananarivo Avaradrano tamin'ny alalan'ny tetikasa "Biogaz" ao amin'ny sekoly ianaran'izy ireo.

Tatsy amin'ny nosy Maorisy no natao ity fifaninanana amin'ny famokarana angovo ity, izay natokana ho an'ireo mpianatra amin' ny Lycée. Ny Vaomieran'ny ranomasina indianina (COI) sy ny tambazotra Eco-Schools Océan Indien no nikarakara ny fifaninanana.

Efatra ireo sekoly nifaninana dia ny lycée Andrianampoinimerina Sabotsy Namehana tamin'ny alalan'ny tetikasa « Biogaz » ao amin'ny sekolin'izy ireo ; ny lycée Said Mohamed Djohar atsy Comores nandroso ny tetikasa « Solar

Lycée » ; ny Mauritius College Boys atsy Maorisy tamin'ny alalan'ny tetikasa « A proposal to use solar energy as an alternative power source for Mauritius College »; ary farany ny mpianatry ny Anse Royale Secondary School avy atsy Seychelles amin'ny alalan'ny tetikasa «Solar grass cutter». Ny tetikasa ECO-ECOLE izay iarahan'ny Ministeran'ny tontolo iainana sy ny fampandrosoana maharitra, ny Ministeran'ny fanabeazam-pirenena ary ireo mpisehatra amin'ny tontolo iainana no mampiofana sy mampianatra eny anivon'ireo sekoly Malagasy mahakasika ny fikajiana ny tontolo iainana sy ny fampiasana angovo maitso.

Ny valosoa

Tetik'asa « exode urbaine »

Hifantoka amin'ny fanatsarana ny fidiram-bola ny mpikambana

Mitady famatsiam-bola mikasika ny fambolena vary antanety, ny fiompiana akoho gasy sy fiompiana Bitro, ny fambolen-kazo. Ireo no lohahevitra nodinihin'ny mpikambana ao amin'ny Tetik'asa Exode Urbaine na famoronana tanàna vaovao eny ambanivohitra tetsy amin'ny Espace Anjara Tiavina Anosizato ny faran'ny herinandro. Nilaza Andriamatoa Rafanomezantsoa Jean Nirina fa ny fanamafisana ny fiaraha- miasa miaraka amin'ireo mpiara- miombon'antoka: Fanjakana, sehatra tsy miankina, fikambanana… amin'ny fanohanana sy fanatanterahana ny tetik'asa no imasoan'ny mpikambana manomboka izao, mba hahafahan'ireto farany mampitombo ny fihariana. Miisa 1910 ny olona hahazo tombontsoa amin'ity tetik'asa ity ary ireo mpikambana tetik'asa « Exode Urbaine » eny amin'ny Fokontany Antanandrano Boriboritany faha 5 no voakasik'izany. Marihina fa tsy nisy mpamatsy vola tao anatin'ny 5 taona ny tetik'asa « Exode Urbaine » ary nivelona tamin'ny herimpony tamin'ny fanatanterahina ny tetik'asa ny mpikambana hatramin'izay.

Franck Razakambelo

Ireo Mpikambana ao amin'ny tetik'asa « exode Urbaine » tetsy Anosizato ny Zoma teo.

BEHARO

Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

N° 291



BL = Bory Loha
BR = Bory Rambo
MIV = Mivadika
MIK = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra

Ohatra : Valy = Vady

Valiny Teny Tondro (0290)

Mitsivalana
- Hantsana
- Rava (Miv) - Lo
- Rehareha
- Alina - OM
- Tato
- Androy
- Ao - Toy (Miv)

Mitsangana
- Haratra
- Avela
- Nahita
- Tranony
- Rà - Do
- Ela (Miv) - Tra (Miv)
- Noho
- Ampio

TENY MIFANARAKA N° 291



Mitsivalana

1. Firaisam-pitiavana **2.** Nivolana (Miv) - Mpanondro toerana **3.** Fambolena **4.** Mitokan-tena (Miv) - Naoty **5.** Azo amin'ny fery sy ratra - Renintsoratra roa samy hafa - Nahitàna masoandro (Miv) **6.** Fototenin'ny fitiavana - Faranteny **7.** Hanavotra - Aretina (Miv) **8.** Hita amin'ny olombelona (Miv) **9.** Nahiahiana **10.** Ambony tsy takatra - Safotra (Miv)

Mitsangana

A. Fitalahoana amin'ny Tompo **B.** Fanontaniana - Foto-tsakafo (Miv) **D.** Renesina - Fy **E.** Tontosa (Miv) - Isa **F.** Fadinjanaka - Mariky ny ho avy **G.** Zaza tsy ampy taona - Kianteny (Miv) **H.** Tovona mpanao (Miv) - Isa mitovy amin'ny atody **I.** Famintinana ny vola ariary **J.** Nafolaka - Kianteny **K.** Ao amin'ny Hao - Taranja fampianarana (Miv)

Valiny Teny mifanaraka 0290

Mitsivalana
1. Fiarakodia 2. Nono 3. Rotaka 4. Adi - Onja 5. Tazana 6. Raisin(a) 7. Noa - Ait (Tia) 8. OM - Lanitra 9. Eri (Ery) - IV - (L)eo 10. Tononkalo

Mitsangana
A- Fananana B. OD (Do) - Omea D. Antitra - RN E. Roa - AA - Lio F. Ankizi(y) G. Koa - Asonik (Kinesa) H. Ony(y) - Ivo I. Anarat (Tanàna) J. In - Ireo K. Kolitao

An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa, Njaka

Ny Ben'ny tanàna Lalao Ravalomanana sy ny mpanolotsaina manokana nametraka hafatra ho an'ireo mpiasan'ny CUA mikasika ny fandraisana ny Papa Ray Masina.